Fanambarana savaranonando

« Fandraisan'anjaran'ny olom-pirenena tam-pilaminana sy fanatsaràna ny fandatsaham-bato nandritra ny fihodinana faharoa nisafidianana filoham-pirenena roa izay efa samy nitondra »

Antananarivo, 21 desambra 2018

Navoaka talohan'ny faran'ny fizotry ny fifidianana ity fanambarana savaranonando nataon'ny Iraky ny IVEFF Miandraikitra ny Fanaraha-maso ny Fifidianana (IVEFF) ity ary manolotra indrindra ny fivoaran'ny fifidianana hatreo amin'ny fihodinana faharoa.
Tokony vakiana miaraka ny fanambarana savaranonando fihodinana voalohany sy faharoa. Misy dingana tsy maintsy lalovana izay mbola tsy vita toy ny fanambarana ny voka-pifidianana sy ny famahana ny fifanolanana izay mety mitranga. Eo amin'ny fanaraha-maso izay tontosa hatreto no anehoan'ny IVEFF ny heviny ary aorian'izao dia hamoaka tatitra farany mirakitra famakafakana feno mikasika ny fizotry ny fifidianana sy tolo-kevitra ho an'ny fifidianana ho avy izy ireo. Amin'izay fotoana izay dia mety hisy fanambarana ataon'ny IVEFF momba ny fizotry ny fifidianana ankehitriny raha heveriny fa mitombina izany.

FAMINTINANA

- Nifidy tao anatin'ny fahatoniana ny olom-pirenena, izay vitsy kokoa noho ny tamin'ny fihodianana voalohany. Izany dia natao nandritry ny fandatsaham-bato voafehy tsara sy mangarahara mba hisafidianana mpifaninana roa, filoham-pirenena teo aloha, sy hanamafisana orina ny demokrasia eto amin'ny firenena.
- Toy ny tamin'ny fihodinanana voalohany, ny fihodinana faharoa izay nampifanandrina ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) sy Marc Ravalomanana (n°25), dia nizotra tam-pilaminana, tsy nisy korontana saingy ny olona tonga nandatsa-bato no nihavitsy. Voahaja ny tsy fiandaniana nangatahan'ny governemanta. Niantoka ny fandriam-pahalemana ny mpitandro filaminana taloha, nandritra ary taorian'ny fifidianana. Tsy nisy oram-be na rivo-doza nanembatsembana ny fanomanana na ny fandatsaham-bato na dia fotoam-pahavaratra aza izao.
- Ny faha 30 ny volana novambra, ny ampitson'ny fanambarana ofisialy ny voka-pifidianana farany notontosain'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana dia nihaona tamin'ireo mpandray anjara voakasik' izany ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana (CENI). Tao anatin'izany no nanambaràny fa hisy fepetra horaisina entina hanatsarana ny fahombiazana eo amin'ny fizotry ny fifidianana. Toy ny (i) fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato sy ny mpikambana ao amin'ny sampan-draharaha mpanisa vato (Sections du Recensement Matériel des Votes, SRMV), (ii) ny fametrahana mpanara-maso iraisam-pirenena hisahana ny rindrambaiko (logiciel) fikirakirana ny voka-pifidianana ary (iii) ny fangaraharana eo amin'ny fikirakirana ny voka-pifidianana eo anivon'ny SRMV sy ny CENI.
- Miarahaba ny CENI ny IVEFF tamin'ny nanehoany teo anatrehan'ny teknisiana solotenan'ny kandidà, ny fanaraha-maso mahaleo tena sy iraisam-pirenena ny rindrambaiko fikirakirana ny voka-pifidianana tamin'ny faha 3 ka hatramin'ny faha 6 desambra. Ny famerenana ampahibemaso izany fanaraha-maso izany, miampy ny fandinihana ny tolo-kevitra ampiharina ao anaty fohy ezaka dia midika ho fanomezan-toky vaovao eo amin'ny fahavononan'ny CENI hamoaka voka-pifidianana azo antoka.

- Amin'ny fotoana hamoahana izao fanambaràna savaranonando izao dia manamarika ny IVEFF fa saika ny rehetra amin'ireo SRMV 119 no mbola manohy ny asany. Ao anatin'izany indrindra no hiantsoan'ny IVEFF ny CENI mba hitandro hatrany ny fangaraharana amin'ny fanohizana ny fanamorana ny fanaraha-maso ny asa eny amin'ny SRMV.
- Mba ho fisaorana ireo mpifidy azy dia nanomboka fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana ny mpifaninana. Niantomboka tamin'ny faha 4 ny volana desambra ny fampielezan-kevitra ary nifarana tamin'ny faha 17 ny volana. Nampiasa paikady miavaka tamin'ny fihodinana voalohany ny mpifaninana hanomezan-danja ny fifandraisana akaiky sy ny fitsidihina isam-baravarana. Somary nihena ny hetsika fialam-boly tamin'izany ary ny fampitana sy ny famelabelarana ny fandaharanasa no nifotoran'ny fampielezan-kevitr'ireo mpifaninana roa. Nahatsapa ny fanajana ny fihafaran'ny fampielezan-kevitra ny IVEFF tamin'ireo faritra 21 notsidihiny.
- Nizara vondrona telo ny fikambanan'ny mpifaninana nandritry ny fihodinana faharoa: tao ny nanohana ny kandidà Andry Rajoelina (n°13), ny maro an'isa niandany tamin'ny fikambanana "K25" izay momba ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25). Nisafidy ny tsy hanohana na iza na iza ny kandidà Hery Rajaonarimampianina (n°12), fahatelo tamin'ny valim-pifidianana fihodinana voalohany.
- Nanatsara sy nanamora ny fitantanana ny fandatsaham-bato ireto teboka dimy tao anatin'ny maro hafa ireto: (i) ny fizarana faobe ny kara-pifidianana mialohan'ny daty fandatsaham-bato, (ii) ny fanapahan-kevitry ny CENI nanome alalana izay mpifidy voasoratra ao anaty lisi-pifidianana ka manana karapanondro, hanefa ny adidiny, (iii) ny traikefa voarakitry ny mpikamban'ny birao fandatsaham-bato sy ny mpifidy taorian'ny fihodinana voalohany, (iv) ny fanamafisana ny fahaiza-manao napetraky ny CENI, ary ny (v) fanatsorana kokoa ny fanatanterahana ny fifidianana, indrindra mikasika ny fanisam-bato satria kandidà roa no sisa fa tsy 36 toy ny tamin'ny fihodinana voalohany.
- Nandinika fizotram-pifidianana nokarakaraina tamin'ny fomba entitra sy mangarahara tao anatin'ny filaminana ny IVEFF. Nanatri-maso ihany koa tranga vitsy nanomezana alalana mpifidy handatsa-bato, tsy nitondra taratasy fanamarinana nefa voasoratra ao anaty lisitra; nisy lisi-pifidianana tsy tonga tao amin'ny birao tokony handray izany. Voafehy kokoa ny dingana fanisam-bato na dia nahatsikaritra indray aza ny Vondrona eoropenana fa roa am-pahadimy ny firaketana ihany no voapetaka tao anaty birao.
- Mampahafantatra ny IVEFF fa indray andro mialoha ny fifidianana dia naharay filazana samihafa avy amin'ny mpifanina, izay mifampiampanga ho mikononkonona hosoka. Izany filazana izany dia niverimberina hatramin'ny takarivan'ny andro fandatsaham-bato ary nifanohitra tanteraka tamin'ny fandraisan'andraikitra nasehon'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka malagasy. Io hariva io ihany dia nanambara ireo mpifaninana fa resy lahatra amin'ny fandreseny.
- Honena ny IVEFF tamin'ny famonoana mpikambana roa tao amin'ny birao fandatsaham-baton'ny distrikan'Ankazoabo, faritra Atsimo-Andrefana, tamin'ny alina mialoha ny fifidianana, vokatry ny asan-jiolahy.
- Manamarika ny IVEFF fa tamin'ny toerana sasany dia nisy tranga fahasarotana teknika novoizina tamin'ny haino aman-jery sy ny tambajotra sosialy ny andron'ny fifidianana, nefa tsy hitan'ny IVEFF, ohatra: (i) ny fampiasana biletà efa misy valiny, (ii) ny fampiasana kara-panondro sandoka, (iii) ny fandrisihina handatsa-bato ho an'ny kandidà izatsy na izaroa.
- Ny fiarahamonim-pirenena KMF-CNOE, ny fikambanana Commission épiscopale Justice et Paix sy Liberty 32 dia nanavao indray ny fiaraha-miasany amin'ny fanaraha-maso manerana ny nosy ka namondronana mpanara-maso manodidina ny 3500. Ny fikambanana Safidy dia nanaparitaka mpanara-maso 7500 indray.
- Miaiky ny ezaka seraseran'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalam-panorenana (HCC) teo amin'ny fanangonana ny valim-pifidianana tamin'ny fihodinana voalohany sy ny fanapariahana izany isaky ny birao fandatsaham-bato, ny IVEFF. Nahatsapa ihany koa ny ezaky ny HCC hanatsarana ny fomba fanangonanana ny valim-pifidianana mba ihenan'ny fe-potoana fikirakirana ary mamporisika azy hanohy izany asany izany ao anatin'ny fanajana ny lalàna.
- Nandritra ny fihodinana faharoa dia kely ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy izay vitsy no manana toerana ao amin'ny fitantanana. Etsy andanin'izany dia tsy voajery araka ny tokony ho izy ny zon'ireo manan-kilema nandritra ny androm-pifidianana.
- Nandritra ny fampielezan-kevitra, ny haino aman-jerim-panjakana dia nandrakotra ny hetsiky ny mpifaninana tsy nisy fiangarana, araka ny kalendrie sy ny fandaharana napetraky ny CENI. Ny haino aman-jery tsy miankina kosa dia niandany.

Hatramin'ny 22 septambra 2018, ny Iraky ny IVEFF miandraikitra ny fanaraha-maso ny fifidianana no teto Madagasikara noho ny fanasan'ny governemanta malagasy. Cristian Preda, filoha mpanara-maso, mpikambana ao amin'ny Parlemanta eoropeana, no mitantana ny Iraka. Nanaparitaka mpanara-maso sy mpandalina miisa 102 avy amin'ny firenena 28, mpikambana ao amin'ny IVEFF sy Norvège ary Suisse ny Iraka. Izany no natao dia mba hanombatombanana ny fizotry ny fifidianana eo anatrehan'ny lalàna eto Madagasikara, ny fitaovana ara-dalàna iraisam-pirenena sy eo anivon'ny vondrom-paritra ary koa ireo fifanekena ara-politika mamaritra ny fifidianana demokratika. Niara-nisalahy tamin'ny Iraka sy miombo-kevitra amin'ity fanambarana savaranonando ity ny delegasiona avy ao amin'ny Parlemanta eoropeana, notarihin'ny solombavambahoaka eoropeana Lydia Joanna Geringer d'Oedenberg. Tamin'ny vaninandrom-pifidianana dia nitsidika birao fandatsaham-bato manodidina ny 577 ny mpanara-maso mba handinika ny fandatsaham-bato sy ny fanisam-bato. Avoaka ampahibemaso ho an'ny rehetra alohan'ny fiafaran'ny fizotry ny fifidianana ity fanambarana savaranonando ity. Hivoaka ny tombatombana farany sy feno izay hiompana amin'ny fandinihina ny dingana farany amin'ny zotram-pifidianana, izany hoe ny fanamafisana ny valim-pifidianana sy ny fanaraha-maso ny fifanolanana vokatry ny valim-pifidianana. Hijanona eto Madagasikara ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny IVEFF hanara-maso ny dingana aorian'ny zotram-pifidianana ary hamoaka tatitra farany roa volana ao aoriana izay mirakitra tolo-kevitra. Mahaleo tena ny Iraky ny IVEFF miandraikitra ny fanaraha-maso ny fifidianana eo amin'ny fandalinany sy ny fehikeviny. Nanao sonia ny fanambarana ny fitsipika mifehy ny fanaraha-maso ny fifidianana iraisam-pirenena, noraiketina an-tsoratra teo ambany fiahian'ny Firenena Mikambana, ny Iraky ny IVEFF miandraikitra ny fanaraha-maso ny fifidianana.

Fanamarihana mialoha

.

TOE-DRAHARAHA POLITIKA

Fizarazaran'ny tontolo politika

Taorian'ny voka-pifidianana tamin'ny fihodidinana voalohany izay nahazoan'i Andry Rajoelina (n°13) 39,23% sy i Marc Ravalomanana (n°25) 35,35%, mampiakatra azy ireo amin'ny fihodinana faharoa, maro samihafa sy mifanohitra ny fanehoan-kevitra niseho, manakiana ny zotram-pifidianana fihodinana voalohany aza indraindray. Nanaiky ny valim-pifidianana ny mpifaninana.
Nivoaka tamin'ny fahanginany ny mpifaninana tsy lany tamin'ny fihodidina voalohany rehefa niantombotra ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra mba hilaza ny fironany amin'ny fihodinana faharoa. Ny ankolafin'ny mpifaninana nandresy nifototra tamin'ny fanomanana ny fihodinana faharoa tamin'ny fanaovana fihaonana iombonana sy atrikasa ho fanatsarana ny paikadin'ny fampielezan-kevitra.
Ny kandidà Hery Rajaonarimampianina (n°12), laharana fahatelo tamin'ny isam-bato 8,82% nandritra ny fihodinana voalohany dia nisafidy ny tsy hanohana na iza na iza. Ny kandidà 33 ambiny dia nahazo ny 16,40% ny isam-bato. Nizara telo ny fivondronan'ny kandida: (i) ny mpanohana ny politikan'ny tsy fiandaniana ka tsy nanome toro-marika fifidianana ho an'ireo mpomba azy ary namela azy ireo hisafidy malalaka; (ii) ny mpanohana ny kandidà Andry Rajoelina (n°13); sy (iii) ny maro an'isa nivondrona ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25), nitondra ny anarana Vondron'ny "K25".

Fanamafisana ny fiarovana ny zotram-pifidianana

Tamin'ny 28 novambra, noraisin'ny governemanta ny voka-pifidianana ofisialy avy amin'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalam-panorenana. Nampahatsiahy ny mpikambana ao amin'ny governemantany ny filoham-pirenena mpisolo toerana, indrindra ireo akikin'ireo kandidà roa, mba hiataka sy hanohy ny asany fa tsy hisamatsamaka, ao anaty fahamendrehana sy am-pahendrena, ary tsy hanadino ny tsy fiandanian'ny fahefana mpanatanteraka sy ny tombotsoa ambonin'ny Firenena. Noho izany, nisy toromarika nalefa ho an'ny manam-pahefana hanamafisana ny fandraisany anjara hiantohana ny tsy fiandaniana sy ny fizotran'ny andri-panjakana araka ny tokony ho izy. Izany no natao dia entina hanatsarana ny fikarakarana ny fihodinana faharoa. Ny faha

13 desambra, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra no nampafahantarana ny filoham-pirenena ny fanapariahana goavana an'ireo mpitandro ny filaminana sy ireo fepetra hiarovana ny zotram-pifidianana aloha, mandritra ary aorian'ny latsa-bato.[1] Ny IVEFF dia nahita sy nanaraka ny fivezivezena tsy tapaka sy maharitra nataon'ny Etat-major Mixte Opérationnel (EMMO) mba ho fiarovana mahomby tamin'ny fampielezan-kevitra teo anivon'ny faritra 21 notsidihina.

Ny Filan-kevitry ny Fampihavanam-pirenena miaraka amin'ireo mpandray anjara hafa dia nanomana atrikasa koa ho fisorohana ny krizy aorian'ny fifidianana mba hanamafisana ny soatoavin'ny demokrasia, toy ny tsy fampiasana herisetra sy fitandroana ny fandriampahalemana ao anatin'ny rafi-pifidianana.[2] Nisy tolo-kevitra navoaka, hamolavolana politikam-pisorohana mba hanakanana izay fikorontanana mety hitranga mandritra ny fihodinana faharoa.

RAFITRA ARA-DALANA

Mijanona ho lohahevitra manahirana ny tsy fisian'ny fetra amin'ny famatsiam-bolan'ny fampielezan-kevitra

Ny didim-panjakana izay mamaritra ny fomba fandaminana ny fihodidinana faharoa amin'ny fifidianana filoham-pirenena dia navoaka araky ny lalàna manan-kery.[3] Amin'ny ankapobeny dia mifanaraka amin'ny adidy sy fifanarahana isam-paritra sy iraisam-pirenena ny rafitra ara-dalàna amin'ny raharaham-pifidianana demokratika izay neken'i Madagasikara. Na izany aza dia mampahatsiahy ny IVEFF fa fohy loatra ny fe-potoana ahafahana mitsipaka ny valim-pifidianana ary mbola manantitra indray ny tsy fisian'ny lalàna mikasika ny fetran'ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra. Ny didy iraisan'ny minisitera n°28400/2018 ny 15 novambra, mifandraika amin'ny fomba fitantanana sy fanaraha-maso ny kaontin'ny fampielezan-kevitry ny kandidà sy ny torolalana fanampiny, dia tonga tara kely tamin'ny zotram-pifidianana, ny rafitra ara-dalàna ampiharina amin'ny fikirakirana ny vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra

Tamin'ny fihodinana voalohany, ny fanamarinana ny voka-pifidianana nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana dia tsy nitondra fanovana lehibe tamin'ny vokatra vonjimaika navoakan'ny CENI

Nanomboka nanara-maso sy nanamarina ny firaiketana an-tsoratra ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana (HCC) ny 10 novambra ary nampiasa ny rindrambaikony manokana izy; izay nifototra tamin'ny vokatra voaray mivantana avy tamin'ny birao fandatsaham-bato. Nanara-maso, namerina nanisa sy nankatoa ny vato voalaza fa fotsy sy maty tamin'ny birao fandatsaham-bato 133 ihany koa ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana mba hanajana ny safidin'ny mpandatsa-bato. Izany fanitsiana izany dia nadika ho fankatoavana vato 4379 nozaraina tamin'ny kandidà, nefa tsy nampiova firy ny valim-pifidianana. Ny fikirakirana ny fanamarinana ny voka-pifidianana natao'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana dia tsy nitondra fanovana lehibe teo amin'ny vokatra vojimaika navoakan'ny CENI. Na dia tsy nisy aza ny lamina ara-dalàna mifandraika amin'ny fomba fiasa dia manaiky ny fahaiza-manao matihanina nasehon'ny HCC nandritra ny zotram-pifidianana manontolo ny IVEFF.

---

1. Nanambara ny minisitry ny Fiarovana taty aoriana fa mpitandro ny filaminana 20 000 no naparitaka hiarovana ny vanim-potoanan'ny fifidianana

2. Ny Filan-kevitry ny Fampihavanam-pirenena dia nikarakara atrikasa tamin'ny 6 desambra, niaraka tamin'ireto fikambanana ireto: ny vaomiera mahaleo tena misahana ny ny fifidianana, ny Commission nationale indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH), ny Filan-kevitra ambony miaro ny demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna (HCDDED)sy ny birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly (BIANCO), ny Service de renseignements financiers de Madagascar(SAMIFIN), ny Comité pour la sauvegarde de l'intégrité (CSI) ary mazava ho azy, ny fiarahamonim-pirenena Rohy, ny tetikasa Fandio, ny Transparency International, ny Justice et Paix, ny ONG tolotsoa sy ny PEV. Nisy ministera ihany koa nanatrika io atrikasa io toy ny Ministeran'ny fiarovam-pirenena, ny ministeran'ny filaminam-bahoaka, ny ministeran'ny fitsarana, ny ministeran'ny atitany sy ny fanapariaham-pahefana ary farany ny ministeran'ny serasera sy ny fifandraisana amin'ny andri-panjakana.

3. Jereo ny didim-panjakana n°2018 – 1615 tamin'ny 30 novambra 2018

Ny HCC dia nanohy nampahafantatra ny vahoaka tamin'ny alalan'ny fampilazana : (i) ny 19 novambra mikasika ; ny fanomezana 10 andro ny CENI, amoahany ny valim-pifidianana, fitsipika izay ho fe-potoana ampiharina amin'ny fihodinana faharoa ; (ii) ny 21 novambra mikasika ny asa efain'ny HCC ; (iii) ny 28 novambra mikasika ny lahatenin'ny filohan'ny HCC ; (iv) ny 3 desambra mikasika ny daty mazava hanaovana ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa ; (v) ny 7 desambra mikasika ny fanitsiana ny vaovao tsy mari-pototra novoizin'ny haino aman-jery sasany momba ny daty hanambarana ny valim-pifidianana farany amin'ny fihodinana faharoa ; (vi) ny 11 desambra ho fampahatsiahivana ny fitsipika sy ny enti-manana amin'ny fampielezan-kevitra ; ary, (vii) ny 13 desambra mampahatsiahy ny mpandray anjara sy ny vahoaka mba ho mailo tsara ho fisorohana ny fanaovana hosoka amin'ny fifidianana. Nanamarika ny fahanginan'ny Fitsarana avo momba ny Lalam-panorenana manoloana ny fandraisan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana ny fanapahan-kevitra hanome alalana ny mpifidy voasoratra anarana handatsa-bato na tsy manana kara-pifidianana aza fa mitondra kara-panondro fotsiny ny IVEFF.

FITANTANANA NY FIFIDIANANA

Tomban'ny fihodinana voalohany

Ny 19 novambra, izany hoe 48 ora taorian'ny famoahana ny vokatra vonjimaika, ny vaomiera mahaleo tena sy ny rantsamangaikany dia nanompana ezaka tamin'ny fanombanana ny fihodinanana voalohany, ny fanomanana ny hetsika ara-pitantanana, sy ny fanomanana ny fihodinana faharoa. Ny vaomieran'ny fifidianan'ny distrikta (CED) dia nahafoy tena : (i) tamin'ny fandoavana ny tambi-karaman'ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato sy ny fandaniana ara-lozistika, (ii) nanangona sy nitahiry ny fitaovam-pifidianana izay mbola azo ampiasaina amin'ny fihodinana faharoa, (iii) nanomana ny lisi-pifidianana ho an'ny fihodinana faharoa. Taorian'ny fihaonana teo amin'ny Birao, ny Tale sy ny lehiben'ny fizaram-paritra sasantsany tamin'ny 19 novambra, mba hametrahana ny hetsika ho tanterahana, ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana dia nanomana fihaonana ny 23 sy 26 novambra mikasika, etsy an-daniny ny tomban'ny fikarakarana ny fandatsaham-bato fihodinana voalohany sy ny fomba nikirakirana ny vokatra vonjimaika, ary etsy an-kilany ny fanomanana ny fihodinana faharoa. Ny 27 novambra, nifampizara ny tombany sy ny hetsika hotanterahany avy ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana sy ny tetikasa SACEM tantanan'ny PNUD.[4]

Fanorenana fahaiza-manao ho amin'ny fihodinana faharoa

Miarahaba ny hafainganana sy ny tsy fitanilana nasehon'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana ny IVEFF tamin'ny nikarakarany, vao ny 30 novambra monja, ny fivoriana voalohany fakan-kevitra taorian'ny fifidianana, izay natrehana mpandray anjara manodidina ny 120. Ny dingana voalohany tamin'ny fanamafisana ny fiofanan'ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato dia notontosaina ny 6 ka hatramin'ny 11 novambra, ny filohan'ny vaomieram-pifidianan'ny distrikta dia anisan'ny nanaraka izany fiofanana izany. Nasongadin'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana tamin'izany ny fomba fitadidiana ny asa tena zava-dehibe ao anaty birao, notsindrina manokana ny famenoana ny firaiketana an-tsoratra.

4.Tetikasa hanohanana ny zotram-pifidianana malagasy na SACEM miantehitra amina singa dimy mikasika ny: (i) lisi-pifidianana azo antoka sy feno, (ii) fanavaozana ny rafitra ara-dalàna, (iii) fanatsarana ny serasear eo amin'ny andrim-panjakana sy ny fanbeazana olom-pirenena, (iv) fanohanana eo amin'ny asa, sy (v) fanampiana ara-teknika

Ny fanohanana afrikana atsimo nisongadina tamin'ny fampitaovana ara-pifidianana nandritra ny fihodinana faharoa

Ny fampitaovana ara-pifidianan'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana nandritra ny fihodinana faharoa dia niankina indray tamin'ny fanohanana nentin'ny trano pirinty iray ao Afrika atsimo, sady tompon'andraikitra tamin'ny fanontana ny 10.300.000 biletà tokana no nanatitra izany isaky ny birao fandatsaham-bato. Ny fanaterana izany dia notontosaina araka ny fandaharam-potoan'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana, izany hoe ny 6 desambra. Ny zava-baovao, raha oharina amin'ny fihodinana voalohany, dia ny fangatahan'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana, fampidramana fiaramanidina avy amin'ny fanohanana afrika atsimo, hahafahana manaparitaka ny fampitaovana ara-pifidianana tsy eto an-drenivohitra ihany fa any amin'ny faritany 5 koa. Nanomboka ny 7 desambra, ny vaomieram-pifidianan'ny distrikta, eo ambanin'ny fanaraha-mason'ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana, dia lasa tompon'andraikitry ny fizarana ny fampitaovana natokana ho azy.
Ary farany, teo amin'ny fanangonana ny vokatra, avy any amin'ny birao mankany amin'ny sampan-draharaha mpanisa vato ary avy ao mamonjy ny renivohitra, ny IVEFF dia miarahaba ny fanohanana ara-lozistika nentin'ny Vondron'ny Firenena Atsimo-atsinan'i Afrika (SADC) izay nampindrana angidimby, sy i Angola izay nanolotra fanomezana natokana ho an'ny fitaterana.
Ireny fanohanana ireny dia manatsara kokoa ny fampitaovana napetraky ny governemanta hanohanana ny vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana.

Fanentanana ny mpifidy

Ny hetsika fanentanana nokarakarain'ny fiaraha-monim-pirenena tamin'ny fihodinana voalohany dia tsy nahenoana akony. Ny IVEFF dia manamarika ny akon'ny traikefan'ny ny Ivontoeran'ny Fifidianana ho an'ny Demaokrasia maharitra any Afrika (EISA na Institut Electoral pour une Démocratie durable en Afrique (EISA) tamin'ny fanohanany ny fikambanan'ny fiaraha-monim-pirenena.[5] Tamin'izany, ny EISA dia sady nitatitra ny fotoana fohy sy ny tsy fahampian'ny fitaovana hanapariahana ny hetsika tamin'ny fihodinana voalohany, voafetra tao anelanelan'ny 15 oktobra ka hatramin'ny 1 novambra, no nanombatombana ihany koa fa tao amin'ny kaomina ambanivohitra mitontaly 1695 nanaovana hetsika, dia mampifangaro ny fikambanana eo an-toerana sy ny CENI ny mponina tao amin'ny 299 (13,5%), ary tsy dia mahazo foana ny anton'ny hetsika.
Tamin'ny fihodinana faharoa, ny fikambanana eto an-toerana notohanan'ny EISA dia nanomboka ny asany dieny ny 5 desambra tao amin'ny kaomina iandraiketany avy – kaomina an-drenivohitra sy ambanivohitra, ary namarana izany arakaraka ny faritra, ny 15 desambra, amin'ny fivoizana ny hafatra « fahefana ny mifidy », sady niantehatra tamin'ireo peta-drindrina sy toromarika manokana voafaritry ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI, toy ny mifidy na tsy manana kara-pifidianana aza. Ireo mpilatsaka an-tsitrapon'ny KMF / CNOE, izay naniry mafy ny hanentana ny mponina teo anelanelan'ny fihodinana roa, dia voatery nijanona nandritra ny andro maromaro teo am-piandrasana toromarika mazava sy famatsiam-bola.

Ankoatr'izay, ny tetikasa FANOA, ho tohin'ny asany tamin'ny fihodinana voalohany dia nanentana ny isaky ny kartie sy vohitra ary nisy aza fandaharana tamin'ny fahitalavitra niaraka tamin'ny mpanao gazety avy amin'ny sehatra nasionaly sy ny faritra, tao koa ny fanentana manakaiky ny daholo be izay nolaroina fialamboly teny amina toeram-piantsonan'ny fiaran-dalamby, resadresaka tamin'ny mpamily fiara karetsaka tao amin'ny faritra izay niandraiketany.[6]

5.Ny tetikasa SACEM tantanan'ny PNUD no nisafidy ny EISA mba hanohana eo amin'ny lafiny fanentanana ny mpifidy.
6. Ny tetikasa FANOA, vatsian'ny IVEFF ary nosokafan'ny vondrona ROHY, natsangana tamin'ny 2015 ary itambarana fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana fito – miparitaka amin'ny faritra fito : Amoron'i Mania, Analamanga, Atsinanana, Boeny, Sava, Atsimo Andrefana, sy Androy (mandrakotra distrikta 34).

Nandritra izany fotoana fanomanana ny fihodinana faharoa izany dia nanamarika ny IVEFF fa nanompana ezaka tamin'ny serasera ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI dieny ny takarivan'ny fanambaran'ny fitsarana avo momba ny Lalam-panorenana ny voka-pifidianana, fihodinana voalohany, tamin'ny alalan'ny filazana marobe na tao amin'ny pejy Facebook, sady nanomana fihaonana tamin'ny mpanao gazety ny 14 desambra hamaliana izay manitikitika ny vahoaka. Ary farany, tsy toy ny tamin'ny fihodinana voalohany, nanentana ny mpifidy mba haka ny kara-pifidianana tamin'ny alalan'ny fandefasana SMS ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI.

FISORATANA ANARAN'NY MPIFIDY

Ny tsy fisian'ny filazana ny zavamisy mikasika ny fizarana karatra isam-paritra na dia azo antoka aza ny ezaka tamin'ny fizarana

Tamin'ny fiandohan'ny volana desambra dia nanamarika ny IVEFF fa nanome baiko ny filoham-pokotany ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fanapariaham-pahefana, mba handray anjara feno, miaraka amin'ny vaomiera eo an-toerana misahana ny fanisam-bahoaka na CLRE, amin'ny fizarana ny kara-pifidianana. Izany toromariky ny minisitera izany, izay tsy nisy tamin'ny fanomanana ny fihodinana voalohany, dia nampiarahana tamin'ny fitsidihana teny an-toerana ka ny tanjona tamin'izany koa dia ny hanefana ny ampahany na manontolo ny tambikaraman'ny filoham-pokotany.
Ny filoham-pokotany, izay filohan'ny vaomiera eo an-toerana misahana ny fanisam-bahoaka na CLRE ihany koa, iandraiketan'ny ratsamangaikan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI, dia nahazo toromarika mitovy, avy amin'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI sy ny ratsamangaikany.
Ny fanantonana isam-baravarana nampiasain'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera eo an-toerana misahana ny fanisam-bahoaka na CLRE dia nahomby kokoa. Malahelo ny IVEFF fa tsy vitan'ny hoe nandray anjara tamin'ny fizarana kara-pifidianana ny sotenan'ny kandidà, fa mbola tsy nahavita nametraka rafitra ahafahana mamoaka ny zavamisy amin'ny fizarana karatra isaky ny faritra ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI. Ao anatin'izany toe-draharaha izany dia manontany tena ny IVEFF hoe ahoana no ahafahan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI manombana fa latsaky ny 400 000 ny isan'ny karatra sisa ho zaraina herinandro mialohan'ny fandatsaham-bato.
Na izany aza anefa dia midera ny fandraisan'andraikitry ny sasany amin'ny ratsamangaikan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI ny IVEFF tamin'ny nangatahany tamin'ny filoham-pokotany ny hamerenana aminy ny kara-pifidianan'ireo olona efa nodimandry.
Manamarika ny IVEFF fa na dia nilaza aza ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI fa 95% ny karatra no efa voazara herinandro mialoha ny fifidianana anefa dia nandray fanapahan-kevitra izay midika hoe kara-panondro ihany dia ampy hifidianana rehefa voasoratra anarana ao amin'ny birao fandatsaham-bato misy azy ny olom-pirenena iray. Fomba fanao efa miverimberina izany, efa voadiniky ny IVEFF tamin'ny 2002 sy 2013. Mampivoitra ny finiavan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI tsy hanavaka mpifidy. Mampametra-panontaniana ny IVEFF sy ny CFM nandritra ny atrikasa nokarakarainy tamin'ny 6 desambra, hoe any aoriana mbola misy dikany ihany ve ny fampiasana kara-pifidianana ao anatin'ny rafi-pifidianana.

Manindry ny IVEFF fa ny sampan-draharaha fanamarinana ny anarana ao amin'ny lisi-pidianana amin'ny Internet, izay tsy nandeha fotoana fohy talohan'ny fihodinana voalohany, dia mbola tsy voaverina amin'ny laoniny tao anelanelan'ny fihodinana roa.

FAMPIELEZAN-KEVITRA

Fampielezan-kevitra miavaka, tamin'ny fanatonana ny mpifidy sy fanapariahana ny fandaharan'asan'ny kandida

Vao nivoaka ny valim-pifidianana farany tamin'ny fihodinana voalohany dia efa nanomboka nanao hetsika mialohan'ny fampielezan-kevitra ny kandidà roa ho fankasitrahana ny mpifidy azy ireo. Ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25) dia namonjy ireo faritra izay tsy nahazoany vato be loatra, dia ny faritra Atsinanana, Diana sy Amoron'i Mania izany, mba hidinika amin'ny solotenany sy mpiara-dia vaovao aminy ary hamaritra paikady vaovao ho amin'ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa. Ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) kosa dia nijanona teto an-drenivohitra (Antananarivo renivohitra sy ny manodidina) izay nanombohany nanaovana fidinana tany amin'ny fokotany vitsivitsy be mponina, [7] nanolorana fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra 3000 sy nitokanany paompin-drano.

Ambonin'izany, ao anatin'ny sehatry ny hetsika Initiative Emergence Madagascar (IEM), ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) dia nanomana valandrasaka mikasika ny fandriam-pahalemana ny 29 novambra mba hitondrana vahaolana amin'ny tsy fandriam-pahalemana sy hamerenana ny fahefan'ny fitondram-panjakana. Nandray anjara tamin'ny fihaonan'ny fivondronan'ny orinasa eto Madagasikara (GEM) koa ireo kandidà roa lahy tamin'ny 3 desambra mba hanome toky ireo mpandraharaha teratany sy vahiny manoloana ny ahiahin'izy ireo. Tetsy an-daniny, tamina faritra maro, nihaona tamin'ny ben'ny tanana sy ny olom-boafidy tamin'ny faritra maro ny mpanohana ny kandidà roa tonta, na ireo avy amin'ny HVM mpanohana ny kandidà Hery Rajaonarimampianina (n°12) aza, mba hamaritana ny anjara-toeran'ny tsirairay amin'ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa.

Mikasika ny paikadin'ny fampielezan-kevitra dia nisafidy fijery miavaka tamin'ny fihodinana voalohany ny kandidà roa lahy tamin'ny alalan'ny fanatonana isam-baravarana ka ny mpifidy ihany no nanentana ny namany.[10] Noho izany, nosoloin'ny Fohibem-pibaikon'izy roa tonta ny solotenany tamin'ny faritra sasantsasany, indrindra tany amin'ny fokontany na distrikta izay nanano-sarotra azy teo amin'ny fangalana ny firaiketana an-tsoratra nandritra ny fihodinana voalohany.[11] Tsy dia nisy hetsika fialam-boly ny fampielezan-kevitra fa niompana tamin'ny fanazavana sy fanolorana ny vontoatin'ny fandaharan'asan'ny kandidà, ny IEM sy ny Madagascar Action Plan (MAP 2). Nanao hetsika bebe kokoa teo anivon'ny fokontany sy ny kaomina noho ny teo anivon'ny renivohitry ny distrika ny roa tonta mba hikasihana mpifidy maro kokoa. Raha ny ventin-dresaka indray dia namerina ny lasa politika sy nanasongadina ny traikefa handresena lahatra ny mpifidy sy hanaratsiana ny mpifaninana aminy ny kandidà. Mba hisorohana ny vato maty dia nampiasa modely biletà ny kandida nanentanana ny mpifidy amin'ny fomba fandatsaham-bato. Ary namporisika azy ireo mba ho tonga marobe ny andron'ny fandatsaham-bato.

Tamin'ny fiantombohan'ny fampielezan-kevitra dia nidina matetika tany amin'ny faritra avaratra sy atsinanana ny kandidà mba hahazoana ny vaton'ny kandidà an'ny HVM sy mba handresena lahatra ireo tsy nifidy azy tamin'ny fihodinana voalohany. Notanisain'ireo mpifanina ny tsy fandriampahalemana sy ny fomba hamerenana ny filaminana eto Madagasikara mandritra ny fihaonan'izy ireo tamin'ny mpifidy.[12] Na izany aza, ny fanohanana ara-politika vaovao ho an'ireo kandidà roa dia tsy nitondra vokatra loatra nandritry ny fiodinana faharoa.

---

7. Ny fokontany notsidihin'ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) mialohan'ny fampielezan-kevitra: Ankasina, Ankorondrano, Ampasanimalo, Ambodirano sy Ampefiloha

8. Tao amin'ny tananan'i Morondava, faritr'i Menabe, tompon'andraikitra roa avy amin'ny komity mpanohana « K25 » an'ny kandidà Ravalomanana Marc (n°25) no notafihan'olon-tsy fantatra, ka naratra mafy noho izany. Ny takarivan'ny andro fandatsaham-bato koa, mpanohana ny « K25 » tao Taolagnaro, faritr'Anosy, no voatifitr'olon-tsy fantatra mitaingina moto, rehefa nivoaka ny sampan-draharaha mpanisa vaton'i Taolagnaro.

9. Ny 17 desambra, andron'ny fikatonan'ny fampielezan-kevitra dia naharay SMS mamporisika azy handatsa-bato ho an'ny kandidà Ravalomanana Marc (n°25), ny mpanjifa sasantsasan'ny tambazotra finday iray.

Ny IVEFF dia nanatri-maso ny hetsika kabary sy famoriam-bahoaka tamin'ny faritra 18 amin'ireo 22, 46 ny an'ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) ary 40 ho an'ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25).[13] Raha ny momba ny fitaovana nampiasaina indray, ny kandidà dia nampiasa fitaovana izay mitovy lenta fa maivana kokoa noho ny tamin'ny fihodinana voalohany: ny kamiao nahitana ny peta-drindrin'ny ny kandidà; angidimby isaky ny dia; vondrona artistika na mpanakanto fanta-daza hampiavaka ny hetsika fety. Ny IVEFF dia nanamarika tamin'ny andaniny roa: i) ny fahatongavan'ny manampahefana avy amin'ny fanjakana, hafa noho ny mpiasam-panjakana voafidy, tamin'ny hetsika fanentanana sasany; (ii) fanonerana ny saram-pitaterana; (iii) ary, nikarakara fitaterana ho an'ireo mpanohana. Teo an-danin' izany, nozaraina ny t-shirt, elo, lambaoany, kasikety, satroka tsihy ary entana ilaina amin'ny fiainanana andavanandro.

Nahamarika ny fanajana ny fitsaharan'ny fampielezan-kevitra tamin'ireo faritra rehetra norakofany nandritra ny fiparitahany ny IVEFF. Mampahafantatra ny IVEFF fa indray andro mialoha ny fifidianana dia naharay filazana samihafa avy amin'ny mpifanina, izay mifampiampanga ho mikononkonona hosoka. Izany filazana izany dia niverimberina hatramin'ny takarivan'ny andro fandatsaham-bato ary nifanohitra tanteraka tamin'ny fandraisan'andraikitra nasehon'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka malagasy. Io hariva io ihany dia nanambara ireo mpifaninana roa fa resy lahatra amin'ny fandreseny.

TONTOLON'NY FANAOVAN-GAZETY

Fifanatrehan'ny kandidà teo amin'ny haino aman-jerim-panjakana sy ny fiandanian'ny haino aman-jery tsy miankina

Nandritra ny vanim-potoana talohan'ny fampielezan-kevitra, ny haino aman-jery tsy miankina sasany dia nanaraka ny hetsiky ny kandidà roa, ary misy fironana amin'ny ny kandidà Andry Rajoelina (n°13). Ny Radio Don Bosco (RDB) irery ihany no tsy nitongilana tamin'ny mpilatsaka ho fidiana roa. Tsy nandefa vaovao mikasika ny hetsika kosa ny haino aman-jery IBC. Midi Madagasikara sy l'Express de Madagascar dia nandrakotra indrindra ny hetsiky ny kandidà Andry Rajoelina (n°13).

Nandritra ny fampielezan-kevitra fihodinana faharoa, ny haino aman-jerim-panjakana dia nandrakotra ireo kandidà roa tamin'ny fomba mitovy araka ny fandaharam-potoana sy ny fepetra nomen'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI. Noho izany, ny tsirairay tamin'ireo kandidà dia nahazo fandaharam-potoana dimy minitra isan'andro sy 45 minitra in-efatra tamin'ny 5, 7, 12 ary 14 Desambra. Nihaona indroa ny mpilatsaka ho fidiana nifanatrehana mivantana tamin'ny radio sy ny fahitalavitra nasionaly malagasy. Ny IVEFF dia diso fanantenana fa ny adihevitra efatra voalahatra teo aloha, izay tokony hifanatrehan'ny kandidà na ny solontenany, dia niova ho fandraisam-pitenenana 45 minitra.

---

10. Ohatra ny tranga tao Morondava, faritr'i Menabe, nihevitra ny hampiasa ny kily be, (fivoriana ara-pomban-drazana ao an-tanana) ho an'ny fampilezan-kevitra fihodinana faharoa.
11. Nanova solotena maro tao amin'ny faritan'i Antsiranana ny ankolafy Rajoelina Andry (n°13) ; ny an'ny Kandidà Ravalomanana Marc (n°25) kosa dia ny antsasa-manila tao amin'ny Faritr'i Diana.
12. Niresaka momba ny fandriam-pahalemana bebe kokoa ny kandidà Rajoelina Andry (n°13) noho ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25).
13. Nandritra ny hetsika fampielezan-kevitra 46 an'ny kandidà Rajoelina Andry (n°13) natrehana, dia teo ny tenany tamin'ny hetsika, ny an'ny kandidà Marc Ravalomanana (n°25), in-telo ambiny folo (13) ny tenany no nanatrika ny hetsika tamin'ireo 40 nodihina.
14. Ny Viva TV dia nanome 83% ny fotoany tamin'ny kandidà n°13 ary 17% ho an'ny kandidà n°25. Ny TV Plus dia niandany tamin'ny ny kandidà n°13 tamin'ny fanomezana azy 72% amin'ny fotoana iasany ary 28% an'ny kandida n°25. Ny IBC dia nanolotra 61% an'ny kandidà n°25 ary 39% ho an'ny kandidà n°13. Ny Radio Antsiva dia nanokana fotoana 69% ho an'ny kandidà n°13 amin'ny fandrakofana azy ary 31% amin'ny kandida n°25. Ny gazety L'Express de Madagascar, mpiseho isan'andro, dia nanokana 69% ny faritra fandrakofany ho an'ny kandidà n°13 ary 31% amin'ny kandida n°25.

Ho an'ny haino aman-jery tsy miankina, ny fanaraha-mason'ny IVEFF, dia nanambara fa ny fandrakofana ny hetsiky ny kandidà dia nitanila tamin'ny iray na ny iray tamin'izy ireo, afa-tsy ny radio RDB sy ny gazety Midi Madagasikara.[14] Noho izany, ny TV Viva, TV Plus, Radio Antsiva ary ny Express dia nanohana ny kandidà Andry Rajoelina (n°13), raha ny IBC kosa dia nankasitraka ny kandidà Marc Ravalomanana (n ° 25). Ny fanaraha-maso dia namintina fa ny fandrakofana ny hetsiky ny kandidà dia nifanaraka tamin'ny dokam-pifidianana andoavam-bola, izay nitatitra ny 62% amin'ny fandrakofam-baovao manontolo amin'ny haino aman-jery pirinty ary 25% amin'ny sehatry ny haino aman-jery tsy miankina.
Ny fampitam-baovao ihany koa dia mandefa teboka fanabeazana ho an'ny mpifidy mandritra ny fanentanana, indrindra fa ny an'ny CENI ; na izany aza, ny fandrakofana ny fanentanana dia nozaraina tamin'ny famoahanan'ny fampahalalam-baovao tsy miankina, fandraisam-pitenenana mahery vaika sy kabary feno fankahalàna avy amin'ireo mpanohana ny kandidà roa.
Farany, nanaja ny fahanginan'ny fifidianana ny haino aman-jery manara-maso, afa-tsy ny Radio Antsiva, izay namerina ny tantaran'ny fifidianana teo aloha hatramin'ny 2002 no sady nanasongadina ny lafin-javatra ratsy momba ny kandidà Ravalomanana Marc (n°25), nandritra ny fampahalalam-baovao atoandro tamin'ny 18 desambra.

FANDRAISANA ANJARAN'NY VEHIVAVY

Misy vehivavy eo amin'ny dingam-pifidianana saingy vitsy monja amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra

Tamin'ny fihodinana voalohany, tsy nisy kandidà vehivavy nihoatra ny fetran'ny 1% n'ny isam-bato. Ankoatr'izay, ny totalin'ny vato azon'ireo vehivavy kandidà dimy amin'ireo 36 dia 2%n'ny isam-bato. Ny angon-drakitra nangonin'ny IVEFF nandritra ny fihodinana faharoa dia manamarina fa mbola mijanona ho kely ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy ary ny fidiran'izy ireo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra dia zara raha misy. Tao amin'ny biraom-pifidianana notsidihina tamin'ny fihodinana faharoa, dia vehivavy ny 35% n'ny mpikambana rehetra tao amin'ny birao fandatsaham-bato, fa 16% monja amin'ireo no filohan'ny birao. Tao amin'ny 23%-n'ny birao fandatsaham-bato, tsy nisy mpikambana vehivavy, anefa tao amin'ny 1,1%, tsy nisy afa-tsy vehivavy. Tamin'ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra faharoa dia nandefa taratasy misokatra ho an'ireo kandidà ny Filankevitra Nasionalin'ny Vehivavy eto Madagasikara mba hanasa azy ireo hihaino ny feon'ireo vehivavy izay miisa ny antsasa-manilan' ny mponina

ZON'OLOMBELONA SY VONDRON'OLONA MAREFO

N'OLOMBELONA SY VONDRON'OLONA MAREFO

Tsy voasahana araka ny tokony ho izy ny zon'ny manan-kilema

Na dia ekena ao amin'ny andininy ao anaty lalàna aza ny zon'ny olona manana fahasembanana, dia tsy nisy fepetra fampiharana noraisina hahatanteraka izany. Ny lalàna momba ny fifidianana dia manome alalana ny olona manana fahasembanana, hisafidy olona iray amin'ny mpifidy, mba hanampy azy, saingy tsy misy fepetra voafaritra mazava ho an'ny fanabeazana amin'ny fifidianana na ny fandraisana anjara mahaleotenan'ny olona mana-kilema mandritra ny fizotry ny fifidianana.

Satria ny lalàna dia tsy mametraka fomba na fitaovana manokana hanamorana ny fandraisana ireo mpifidy jamba, marenina ary manan-kilema ara-batana, dia tsy azo antoka tanteraka ny safidiny.
Ny fomba andraisan'ny mpifidy jamba sy marenina ny hafatra fanentanana sy ny vaovao samihafa, ny fidiran'ny kilemaina amin'ny toerana hifidianana, ny fikirakirana ny fitaovam-pifidianana ho an'ireo mpifidy jamba dia tsy voahevitra ho an'ireo vondrona marefo ireo tamin'ny fihodinana faharoa. Ny IVEFF dia nanombana fa ny 36%-n'ny birao fandatsaham-bato dia toerana sarotra hidirana ho an'ireo manan-kilema ara-batana, tsy manana fahaleovan-tena. Ny fahabangana ao amin'ny lalàna momba ny zo hifidin'ny marary eny amin'ny hopitaly na ireo voafonja mialoha ny fitsarana dia noresahan'ireo mpanelanelana ihany koa. Ny IVEFF dia manohana mafy ny fampidirana ireo rafi-pandaminana manokana hifehezana ity fahabangana amin'ny lalàna ity ary hiantohana ny fampandraisana anjara bebe kokoa.
Fotoana fohy talohan'ny fifidianana, ny Kaomisiona Nasionaly tsy miankina misahana ny zon'olombelona dia naharay fitarainana 90 teo ho eo, izay iray monja no mikasika ny fifidianana, izay tranga fanararaotam-pahefana tao amin'ny distrikan'i Maevatanana, Faritr'i Betsiboka. Ho an'ny fihodinana faharoa, nanaparitaka solotenana 11 tamina faritra 11 ny Kaomisiona. Ny 6 Desambra, ny Komisiona dia nanolotra tatitra savaranonando momba ny taom-piasany voalohany,izay niresahany, ankoatran'ny lafiny ara-teknika, ny tsy fahampiana olona sy vola hanatanterahana ny asany; ary ny tsy fisian'ny fitaovana ahafahana manasazy, hanamorana ny fampiharana ny fanapahan-keviny.

NY ANDRO FANDATSAHAM-BATO

Fandraisana anjara am-pilaminana latsaky ny iray amin'ny mpifidy roa no tonga nifidy

Ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 19 desambra dia natao nandritra ny vanim-potoanan'ny orana, vanim-potoanan'ny rivo-doza mihitsy aza. Mampahatsiahy ny EU EOM fa na dia eo aza ny andinin-dalàna manambara fa ny fifidianana dia tokony karakaraina amin'ny main-tany, dia nadikan'ny HCC ho toy ny safidy manokana mba hifanaraka amin'ny Laläm-panorenana izany. Na izany aza anefa, ny IVEFF dia manamarika fa tony ny toetrandro tamin'ny ankapobeny nandritra ny fandatsaham-bato saika manerana ny nosy.
Ny IVEFF dia malahelo tamin'ny asan-jiolahy nitranga tamin'ny androm- pifidianana, tao amin'ny distrikan'i Ankazoabo, faritra Atsimo-Andrefana, izay nahitana famonoana ny mpikambana roa tao amin'ny birao fandatsaham-bato. Ny IVEFF dia mamerina indray ny fiarahabana ny mpitandro ny filaminana mandrafitra ny EMO, na teo an-toerana na teo amin'ny firenena manontolo noho ny fanoloran-tenany, ary izany dia hatramin'ny fihodinana voalohany; ary koa ny mpanara-maso nasionaly sy ny solotenany noho ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'io dingana demokratika io.

Ireo olom-pirenena 9.913.599 ihany no nantsoina hifidy amin'ny 24.852 biraom-pifidianana, taorian'ny nandraisan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI, ny fepetra ilaina tamin'ny birao telo izay tsy nivoha tamin'ny fihodinana voalohany (noho ny antony fandriam-pahalemana, na noho ny tsy fisian'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana) ary dia efa afaka miasa amin'izao fotoana izao. Ny IVEFF dia midera ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI sy ny ratsamangaikany noho ny ezaka nataony mba hisokafan'ny birao rehetra, na dia ilay voakasiky ny asan-jiolahy aza, satria tamin'ny fotoana

famoahana ity fanambarana ity, dia tsy nahazo fampahalalana momba ny tsy fisokafan'ny birao iray na maromaro ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI.

Ny IVEFF dia manamarika ny maha-zava-dehibe ho an'ny CENI, ny fananganana rafitra ahafahana manaraka ny fandefasana ny karinen'ny biletà tokana ary ny fanaovana tahiry raha ilaina izany. Nahitam-bokany sady tena nilaina tokoa io rafitra io tamin'ny alin'ny 18 hatramin'ny 19 desambra, raha nisy nitatitra tany amin'ny foiben-toerany ny karine valo tokony an'ny birao tao amin'ny CEG Ambohipo. Tamin'ny fanombohan'ny fifidianana dia afaka nanolo ny vatom-pifidianana tsy ampy tao amin'ny biraom-pifidianana voakasik'izany ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI.

Tahaka ny tamin'ny fihodinana voalohany, nizotra tam-pilaminana ny fandatsaham-bato teto amin'ny firenena, tamin'ity indray mitoraka ity, noho ny tsy fisian'ny fanelingelenana tsy mitsahatra amin'ny hetsika fizarana kara-pifidianana eo akaikin'ny biraom-pifidianana. Ny IVEFF dia napetraka tao amin'ny birao fandatsaham-bato 577, izay 41% amin'ny faritra an-drenivohitra ary 59% any ambanivohitra. Manombana ihany koa ny fahafahany nanara-maso mpifidy maherin'ny 5.000. Ho an'ny dingana rehetra tamin'ny fifidianana, ny IVEFF dia nitsara ny asa ho mangarahara, ary nihevitra ny fahaiza-manaon'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana ho tsara na tena tsara.

Ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 2013, izay nampiarahana tamin'ny fifidianana parlemantera, dia nahitana fihenan'ny fandraisan'anjara (61,56% sy 51,72%). Ampahatsiahivina fa ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny fihodinana voalohan'ny fifidianana 2018 dia 53.95%, dia nitovy ny fihenana voatsikaritra: latsaky ny iray amin'ny mpifidy roa no nandatsa-bato.

Ny fivoaran'ny fandraisana anjara nandritra ny fifidianana dia mampiseho fitondran-tena mitovy amin'ny fihodinana voalohany. Ary farany, ny fanatsorana ny fandatsaham-bato tamin'ny fihodinana faharoa dia nanafaingana kokoa ny fandalovan'ny mpifidy tao amin'ny birao fandatsaham-bato, izay, miampy ny fihenan'ny fandraisana anjara, dia saika nanafoana ny filaharana tao ivelan'ny biraom-pifidianana.

Fanokafana ny biraom-pifidianana tsy nahitana tsy fanarahan-dalàna

Ny fisokafan'ny birao fandatsaham-bato izay naraha-maso dia tony sy nilamina ary nahomby. Tranga iray, izany hoe latsaky ny 2% amin'ny fanaraha-mason'ny IVEFF, dia nisokatra tara, maherin'ny adiny iray. Ny fahatarana latsaky ny 30 minitra, izay voamarika tamin'ny efa ho ny antsasa-manilan'ny birao naraha-maso, dia nifandraika kokoa tamin'ny fanomanana ny famolavolana ataon'ny mpikambana ao amin'ny birao fa tsy noho ny tsy fahampian'ny fitaovana.

Ny IVEFF dia manamarika fa tsy voarakitra ao anaty firaiketana an-tsoratra ny isan'ny biletà voaray, izany isa izany dia tsy voamarin'ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato afa-tsy tamin'ny birao iray amin'ny roa. Tsy nahitana tsy fanarahan-dalàna nitranga tamin'ity fotoam-panokafana ity.

Fandatsaham-bato misosa tsara sy voafehy toy ny tamin'ny fihodinana voalohany

Ny fomba fanao izay saropady indrindra amin'ny fifidianana, toy ny fanaovan'ny mpikambana roa ao anaty birao sonia ny ao ambadiky ny biletà, ny fanaovan'ny mpifidy sonia ny lisitra natokana ho an'izany sy ny fampiasana ranomainty sarotra kosehina na ny tsiambaratelon'ny latsa-bato dia voadinika indray tamin'ny ny 95% mihoatra. Ny fanamarinana ny kara-panondro dia voamarika tamin'ny 82%, fa ny fanaraha-maso ny ranomainty dia tamin'ny ampahatelon'ny tranga ihany, toy ny tamin'ny fihodinana voalohany. Toy ny tamin'ny fihodinana voalohany dia nanatri-maso tranga vitsivitsy, nanomezana alalana mpifidy handatsa-bato nefa tsy manana fahazoan-dalana mazava, fa voasoratra ao anaty lisitra, ny IVEFF. Ny IVEFF ihany koa dia nampahafantarin'ny solotena tamin'ny toerana iray, ny ezaka nataon'izy ireo mba hanoloana ny lisi-pifidianana tany amin'ny birao izay tsy tokony alehany. Farany, ny IVEFF dia tsy nahatsikaritra fandatsaham-bato nampiasaina kara-panondro na kara-pifidianana sandoka.

Na dia tsy nahitana firy aza ny fandatsaham-bato anomezana alalana olon-kafa hifidy amin'ny toeran'ny tena, ny IVEFF dia midera ny fepetra fisorohana ny latsa-bato tsy ara-dalàna, noraisin'ny ny CENI, izay miompana

amin'ny fanangonana, tsy ny « ordre de mission » ny mpifidy voakasika izany ihany, fa ny kara-pifidianany koa. Ny IVEFF dia tsy nahita maso ny fampiasana biletà efa misy valiny mialoha, toy izay novoizina tamin'ny tambajotra sosialy.

Tamin'ny 98% n'ny birao naraha-maso dia voamarika fa ny mpikambana dimy samy tonga nandritra ny dingam-pifidianana, na dia teo aza ny olana teo amin'ny fifindran-toerana misy dikany tokoa, mpikambana lasa solotenan'ny kandidà. Na dia nety nisy aza io trangan-javatra io, dia afaka namaha ny olana nateraka izany ny ratsamangaikan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI. Ireo kandidà roa dia afaka nanaparitaka ny solontenany tamin'ny 90% n'ny birao, ka nitombo ny fisian'izy ireo raha oharina amin'ny fihodinana voalohany, 4 isa ho an'ny kandidà n°13 (nahatratra 98%), ary 12 ho an'ny kandidà n°25 (nahatratra 92%). Ny IVEFF koa dia nanatri-maso ny fiparitahan'ireo vondrona telo lehibe indrindra mpanara-maso eto an-toerana: i) KMF/CNOE, 13% amin'ny tranga, (ii) J & P 6% amin'ny tranga, ary (iii) Safidy 15% amin'ny tranga ; manamarika fivoarana raha oharina amin'ny fandinihan'ny IVEFF tamin'ny fihodinana voalohany, izay 11%, 14%, ary 19%.

Famaranana sy fanisana vato voafehy tsara kokoa noho ny tamin'ny fihodinana voalohany

Endri-javatra teloloha mifandraika amin'ny fanakatonana sy ny fanisana ny vato no mifanohitra tamin'ny fihodinana voalohany, izany hoe: (i) ny tsy fisian'ny mpifidy miandry ny hifidy manoloana ny varavaran'ny birao amin'ny fotoana fanakatonana, (ii) ny fandraisana anjara maivana ny olom-pirenena liana amin'ny fanatrehana ny fizotry ny fanisana, izay hetsika natokana ho an'ny daholobe , ary farany (iii) fanatsarana mazava nasehon'ny mpikambana nandritra ny fikarakarana ny fanisam-bato, anisan'izany ny famenoany ny firaiketana an-tsoratra. Tranga tokana no nahitana fanakatonana tara mihoatra ny adiny iray. Tao anatin'ireo fanakatonana efa ho 50 izay natrehan'ny IVEFF, dia teo hatrany ny solontenan'ny kandidà, afa-tsy tamina tranga iray na roa. .

Ny IVEFF dia manamarika ny maha-zava-dehibe ny fanoratana ao amin'ny firaketana an-tsoratra, ny isan'ny vatom-pifidianana tsy mbola nampiasaina, izay tsy narahana afa-tsy tamin'ny roa am-pahatelon'ny tranga ihany. Ho an'ny isan'ireo sonia voarakitra ao amin'ny lisitry ny fisoratana anarana, dia tranga telo amin'ny efatra no voarakitra ao anatin'ny firaiketana an-tsoratra, ary farany ny isan'ireo vatom-pifidianana nofoanana, dia voasoratra ny tranga efatra amin'ny dimy. Ny IVEFF dia tsy nahita fampiasana ny valopy tsy azo sokafana afa-tsy tamin'ny telo ampaha-efatry ny tranga naraha-maso ihany, ary koa toy ny tamin'ny fihodinana voalohany, dia tsy napetaka tao ivelan'ny birao, ny fandraiketana an-tsoratra, afa-tsy tamin'ny tranga roa ampaha-dimy.

MPANARA-MASO ETO AN-TOERANA SY IRAISAM-PIRENENA

Vondron'ny mpanara-maso eto an-toerana

Tamin'ny fikarakarana fampiantsoana mpanao gazety sy famoahana fanambarana mialoha sy farany, taorian'ny latsa-bato fihodinana voalohany, ireo vondrona mpanara-maso roa lehibe eto an-toerana, misy ny Observatoire Safidy – singa ao amin'ny tetikasa FANOA, eo an-daniny, ary ny komity mpandinika ny fifidianana (KMF / CNOE), mifandray amin'ny Commission pontificale Justice et Paix (J & P) sy Liberty 32, etsy an-kilany, dia samy nandray anjara mba hanatevenana ny lesona azo tsoahina tamin'ny fihodinana voalohany, ka mahasoa ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI. Ankoatran'ny tolo-kevitra izay navoitra ao, mikasika ireo dingana samihafa, ny Observatoire Safidy dia naneho ny fifanojon'ny vokatra avy amin'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI amin'ireo izay nangoniny tamin'ny biraom-pifidianana 4200. Ny IVEFF dia nankasitraka ihany koa ny hetsiky ny Observatoire Safidy tamin'ny nampitainy tamin'ny Fitsrana avo momoba ny Lalam-panorenana (HCC) tamin'ny 20 Novambra, ankoatra ny zavatra hafa, ny fandalinany mikasika ny tahirin-kevitra sy ny vokatra navoakan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana na CENI, mifanaraka amin'ny faritra nanaovany fanaraha-maso.

Nandritra ny fihodinana faharoa, ny Observatoire Safidy dia nanaparitaka indray mpanara-maso 7.350 ary voamarina ho toy ny iraka mpanara-maso lehibe indrindra amin'ny fiarahamonim-pirenena malagasy, izay

manana CSO mihoatra ny zato ao amin'ireo faritra izay iasany. Ny Observatoire Safidy dia nanangana ivotoerana fikirakirana, izay voarindran'ny foibe mpanara-maso, ahafahana mandray sy mandinika ireo angona ampitain'ireo mpanara-masony, ary koa hamahana ny olana maro voatatitra ara-potoana fiaraha-miasa amin'ny CENI, ny CNIDH, ny mpitandro filaminana ary ny tetikasa PEV.

Ireo vondrona mpitsidika hafa dia afaka nanavao ny fametrahana ireo mpanara-masony toy ny tamin'ny fihodinana voalohany; izany hoe mpanara-maso manodidina ny 1.300 avy amin'ny KMF/CNOE, 200 avy amin'ny L32. Ny J & P dia tsy afaka nampiasa mpitsidika afa-tsy 2000 monja raha 4000 mahery tamin'ny fihodinana voalohany, noho ny tsy fisian'ny enti-manana mitovy tamin'ny fihodinana voalohany.

Tetikasa hanohanana ny fisorohana sy ny fitantanana ny fifandonana ary ny herisetra mety hitranga amin'ny fifidianana

Nahazo vahana tamin'ny zava-bitany tamin'ny fihodinana voalohany, ny tetikasa vatsian'ny EU, ho fanohanana ny fisorohana sy ny fitantanana ny fifandonana ary ny herisetra (PEV) mety hitranga mifandraika amin'ny fifidianana. Ka dia nanavao ny fandraisan'andraikitra tsy mbola fahita izay nasehony tamin'ny fihodinana voalohany, tamin'ny fitondrana ao amin'ny foiben-dry zareo ny vondron'ny solontenan'ny hery fiarovana sy ny mpitandro ny filaminana ary ireo mpikamban'ny CENI, mpandray anjara amin'ny rafitra fampitandremana mialoha sy ny famahana olana haingana.[15] Midera ity tetikasa ity ny IVEFF noho ny maha-zava-dehibe ny asany. Noho ny fankatoavan'ireo andrim-panjakana sy fikambanana mpiara-miasa, dia nahazo famatsiam-bola vaovao avy amin'ny IVEFF indray ny tetikasa tamin'ny 13 Desambra, ahafahany manitatra ny sehatr'asany amin'ny fifidianana solombavambahoaka izay hatao amin'ny taona 2019, handrakofany, tsy ny faritra 15 ihany, fa ny faritra 22 rehetra.

Fanaraha-maso iraisam-pirenena

Ny masoivoho Afrikana (AU) dia nitazona ekipa fitantanana mba handrakotra ny vanim-potoana eo anelanelan'ny fihodinana roa. Ny iraka lehibe naparitaka tamin'ny fihodinana voalohany, indrindra fa ny SADC sy ny Fikambanan'ireo Firenena miteny Frantsay, dia nanavao ny fiparitahany tamin'ny fihodinana voalohany, anisan'izany ny AU. Ny iraka avy amin'ny Komisionan'ny Ranomasimbe Indiana dia sambany vao napetraka tamin'ity fihodinana faharoa ity. Ny andro mialoha ny fandatsaham-bato, noho ny fandraisana andraikitry ny iraky ny Vondrona Afrikana, ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Iraisam-pirenena ho fanohanana an'i Madagasikara (GIS-M), ary koa ireo iraka fanaraha-maso voatanisa etsy ambony ary ny Firenena Mikambana dia niantso "ireo mpirotsaka hanaja ny lalàna, ny lalàna manan-kery ary ireo andri-panjakana", ary "tsy hanao fihetsika izay mety hanohintohina ny famaranana ny zotram-pifidianana" , sady nandrisika azy ireo « hiandry ny famoahana ny vokatra ofisialy avy amin'ny tompon'andraikitra mahafehy izany » ary, "hanaraka ny ara-dalàna raha misy fifanolanana ».

15 Ny tetikasa fanohanana ny fisorohana sy ny fitantanana ny fifandonana ary ny herisetra mifandraika amin'ny fifidianana (PEV) dia ahitana: (i) KMFCNOE; (ii) Fahafahana 32; (iii) ny fiaraha-miasan'ny radio fampielezam-peo hanamafisana ny fandriampahalemana; iv) ny Fikambanan'ny mpampianatra eny amin'ny Anjerimanontolo ho fampiroboroboana ny fampitovian-jo ny lahy sy ny vavy; ary (v) Serasera-Hevitra-Fampandrosoana: https://www.alerte.pevmadagascar.eu.

FIKIRAKIRANA NY VALIM-PIFIDIANANA

Ny fanaraha-maso iraisam-pirenena momba ny rindrambaikon'ny fikirakirana ny vokatra, tapakevitra hanamafy ny fangaraharana

Ny IVEFF dia midera ny fandraisan'andraikitry ny CENI nitarika fanaraha-maso tsy miankina sy iraisam-pirenena tamin'ny 3 hatramin'ny 6 desambra, miaraka tamin'ny fanohanan'ny manam-pahaizana avy amin'ny kabinetra mpanara-maso iray any Londres sy ny Firenena Mikambana, ny rindrambaikony fikirakirana ny vokatra izay natrehin'ny teknisiana misolo tena ny kandidà. Raha neken'ny solontenan'ny kandidà roa ireo fepetra momba ny fitondran-tena mendrika sy fanarahana ny voalazan'ny lalàna, dia nanamarika ny IVEFF fa ny fanaraha-maso dia namoaka, ny 7 Desambra, nandritra ny famerenana ampahibemaso, fa ireo rafitra fikirakirana roa ao amin'ny SRMV sy CENI, dia azo antoka sy mora ampiasaina.

Ny fandraisan'ny CENI ny tolo-kevitra amin'ny fohy ezaka momba ny fanatsarana ny rafitra fiarovana dia mitondra fitokisana vaovao amin'ny fahafahan'ny CENI hamoaka vokatra azo antoka.
Ny IVEFF dia mampahatsiahy fa tamin'ny fihodinana voalohany, ny vokatra azon'ny 29 tamin'ireo kandidà dia tsy niova afa-tsy manodidina ny 0,01% teo anelanelan'ny vokatra vonjimaika nataon'ny CENI sy ny valiny ofisialy nomen'ny HCC izay nampiasa rindrambaiko samihafa. Ny hany fito fiovam-bokatra (0,01 ka hatramin'ny 0,06%) dia nohamarinina tamin'ny fanitsiana nataon'ny HCC noho ny elanelana teo amin'ny fanoratana ny vokatra tao amin'ny firaiketana an-tsoratra.

Fitondrana ny fikirakirana ny vokatra amin'ny fomba mangarahara toy ny tamin'ny fihodinana voalohany

Na dia eo aza ny mety ho fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fiantraikany eo amin'ny fandefasana ny voka-pifidianana nandritra ny fihodinana roa, dia afaka nanamarika ny IVEFF fa tamin'ny fihodinana voalohany, SRMV roa monja no nahavita ny asany tao anatin'y roa andro ; avy eo 19, 39 ary 59 ny SRMV nahavita ny asa nataony, tamin'ny andro fahatelo, fahefatra ary fahadimy tamin'ilay dingana. Naharay ny vokatra farany avy amin'ny distrikan'i Amboasary Atsimo ao amin'ny faritra Androy ny CENI tamin'ny 16 Novambra.
Tamin'ny fotoana namoahana ity fanambarana mialoha ity, ny IVEFF dia nanamarika fa saiky ny SRMV 119 no mbola manohy ny asany. Ny IVEFF dia miarahaba ny CENI izay nisantatra voalohany ny famoahana vokatra voaangona, na dia ampahany sy vonjimaika aza, manavaka ny vato fotsy sy ny vato maty.

Ny IVEFF dia mandrisika ireo solontena avy amin'ny kandidà sy ireo mpanara-maso nasionaly hanohy ny fanaraha-maso ataony eny amin'ny SRMV sy ny CENI, izay nametrahana fifanarahana mba hitantanana ny fikarakarana ny vokatra, ao anaty toe-tsaina mangarahara toy ny tamin'ny fihodinana voalohany. Ny IVEFF dia mbola mampirisika ny CENI sy ny HCC amin'ny fotoana hamoahany sy hanambarany ny valim-pifidianana, hanavao ny fomba famoahana izany, amin'ny fanamarihana fakan-tahaka, ny vokatra azo isaky ny birao fandatsaham-bato.
Farany, miantso ireo kandidà sy ireo mpanohana azy ireo ny IVEFF mba haneho fifehezan-tena mandritra ny vanim-potoana hikirakirana ireo valim-pifidianana sady manantitra fa ny fifandirana rehetra mety hipoitra avy amin'ny fizotry ny fifidianana dia mila aravona amim-pilaminana ao anatin'ny rafitra ara-dalàna misy.

Fandraisan'ny CENI an-tanana na tsy amin'ny fomba ofisialy aza, fanangonana santionam-bokatra, dia antenaina mba hifampidinihana bebe kokoa sy mialoha ny fotoana amin'ny ho avy,

Ankoatra izany, nangataka tamin'ny KMF / CNOE, J & P sy Mpanazava (Éclaireuses) ny CENI mba handefa aminy ny sarin'ny firaiketana an-tsoratra nipetaka tany ivelan'ny biraom-pifidianana, izay nalain'ireo mpilatsaka an-tsitrapo an-jatony. Na dia tsy tafiditra ao anatin'ny fizotry ny fikarakarana ofisialy ny valim-pifidianana aza ity fanangonana santionana valim-pifidianana eo noho eo ity (ny takarivan'ny andro nandatsaham-bato), ny IVEFF dia manaiky ny maha-zava-dehibe ny tanjon'izany. Amin'ny ho avy, mendrika ny ho alalinina mialoha ny rafitra toy izany, indrindra eo amin'ny sehatry ny fifampidinihana, na dia ho setrin'ny fepetra sasany aza.

Ankoatr'izay, ny IVEFF dia nanamarika ny fanapahan-kevitry ny CENI ny 18 desambra mba handrarana ny asam-panadihadiana eo ivelan'ny biraom-pifidianana. Ity fepetra fisorohana ity dia tonga taorian'ny adihevitra tamin'ny andron'ny fifidianana fihodinana voalohany, rehefa nisy hetsika fanadihadiana toy izany, izay tsy navoaka fa nijanona ho fakan-kevitra ihany, dia voatohitra sy efa voarara.

DISADISA MIKASIKA NY FIFIDIANANA

Ny ankamaroan'ny fitarainana nalefa tany amin'ny HCC dia nolavina noho ny forme tamin'ny fihodinana voalohany

Ny lalàna dia manome fe-potoana izay manomboka ny ampitson'ny fandatsaham-bato ka hatramin'ny famoahana ny vokatra vonjimaika hametrahana fitarainana momba ny hetsi-panoherana mikasika ny zotram-pifidianana; ary roa andro aorian'ny famoahana ny vokatra vonjimaika ny fandavana izany. Io fe-potoana io dia heverina ho fohy loatra ka tsy afahana miantoka marina ny fandinihana ny antotan- taratasin'ny kandidà mitory raha oharina amin'ny fenitra iraisam-pirenena. Ny fandraisana ny fangatahana dia nakatona ny 20 Novambra 2018 tamin'ny misasakalina, ary ny HCC dia nanam-potoana fito andro hanapahan-kevitra momba ny fitarainana sy hanambara ny vokatra farany. Noho ny fanapahan-kevitr'izy ireo ny 11-HCC / AR ny 28 Novambra 2018 izay nanambara ny vokatra ofisialy tamin'ny fihodinana voalohany, ny HCC dia nandinika ihany koa ireo fangatahana 14 napetraka. Sivy tamin'izany no voatsara tsy mitombina noho ny tsy fanajana ny fomba ara-dalàna. Trangan-javatra roa no hita fa miorina tsara, amin'ny am-pahany, nitondra fanitsiana vokatra tamin'ny biraom-pifidianana roa, ary ny ambiny kosa dia nolavina satria tsy mitombina.

Ny IVEFF dia nanamarika ny ezaka seraseran'ny Fitsarana momba ny fanangonana ny valin'ny fihodinana voalohany sy ny famoahana azy ireo isaky ny birao fandatsaham-bato. Manamarika fa izany fanatsarana izany dia mampihena ny fe-potoanan'ny fikirakirana, ny IVEFF dia mandrisika azy hanohy ny asany ao anatin'ny lalàna.

Mikasika ny heloka bevava amin'ny fifidianana, raharaha efatra no nampitain'ny Fitsarana ambaratonga Voalohany: Taolagnaro, faritra Anosy; Mahajanga, faritra Boeny; ary roa avy amin'ny biraon'ny mpampanoa lalàna tao Antananarivo. Ho an'ny roa farany, ny 14 Desambra, ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) dia nampiditra fitarainana momba ny fitarainan'ny mpifidy amin'ny fanaovana hosoko eo amin'ny kara-pifidianana; ary tamin'ny 17 Desambra dia nahazo fitarainana momba ny fanalam-baraka ny kandidà Andry Rajoelina (n°13) ny CENI, izay nafindrany tao amin'ny biraon'ny mpampanoa lalàna. Ny CENI koa dia nametraka fitarainana mikasika ny zava-nitranga tamin'ny marainan'ny fitsapan-kevitra ary nikendry ny fanjavonan'ny vatom-pifidianana avy amin'ny biraom-pifidianana tao Ambohipo. Manohy ny fanadihadiana ireo manampahefana tompon'andraikitra.

Ny dika elektronikan'ity fanambarana savaranonando ity, hita ao amin'ny tranokalan'ny misiona www.moeue-madagascar2018.eu. Raha mila fanazavana fanampiny, iangaviana hifandray amin'ny : **Silvia de Félix**, tompon'andraikitry ny serasera an-gazety ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho an'ny fanaraha-maso ny fifidianana, laharana finday: +261 34 35 764 66 ; +261 32 22 001 29, mailaka : silvia.defelix@moeue-madagascar2018.eu.